# Ilay Voa Tsara Nafafy 21 Aogositra 2018

# 21 Talata aogositra

**Ary simba ny tany teo anatrehan'Andriamanitra sady heni-doza.** Genesisy 6. 11

**Tsy misy izay mitady an'Andriamanitra. Samy nania avokoa izy rehetra, samy tsy mahasoa avokoa izy rehetra ; tsy misy izay manao ny tsara na dia iray akory aza.** Romana 3. 11, 12

## Tsy misy fiovana

Hoy ity tompona televiziona, niteny teo amin'ny onjam-peo, fony nalefa tany Frantsa ny andian-tantara amerikana iray : „Andian-tantara tena kanto, feno herisetra sy firaisana aranofo... Ary ny tena mampiavaka azy, dia izy ankafizin'ny olona rehetra, na antitra na tanora. Perla tena sarobidy, ho ana fandaharana televiziona andoavam-bola !"

Fanambarana mifono dikany tena mavesatra izany. Manamafy fa tsy niova ny olombelona, taorianan'ny nitsaran'Andriamanitra ny tany tamin'ny safodrano, noho ny herisetra sy ny efa fahalovan'ny fiarahamonina tamin'izany fotoana izany. Anarivo taona atỳ aoriana dia miarahaba tena ny olona, mahazo volabe avy amin'ny fanararaotana fironan'ny olombelona efa hatrizay. Eny, tena tsy misy fiovana tokoa. Fiteny tena loza no ilazan'ny Baiboly ny fon'ny zanak'olombelona : manana aretina tsy azo sitranina (Jeremia 17. 9) !

Izy Andriamanitra koa anefa dia tsy miova ! Eo imasony, ny ratsy dia mijanona ho ratsy hatrany, ka tsy maintsy faizina. „Izy efa nanendry andro iray, izay hitsarany izao tontolo izao amin'ny fahamarinana, amin'ny alalan'ny Lehilahy iray voatendriny" (Asan'ny Apostoly 17. 31). Io Lehilahy io dia Jesosy Zanany, Ilay nirahiny avy any an-danitra mba hitondra hafatra mifono fitiavana, nefa dia nailiky ny olona, ary novonoiny teo amin'ny hazofijaliana mihitsy aza. Andriamanitra nanangana an'i Jesosy tamin'ny maty, ary nanendry Azy hanatanteraka ny fitsarana, amina andro iray izay Izy irery no mahafantatra azy. Eo am-piandrasana izany, dia „maharipo ... Izy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra" (2 Petera 3. 9).

Fotoana izao hahatonga saina ny olona tsirairay hoe efa antomotra io fitsarana io. Tena maika ny mitady fialofana, koa raiso ny fahasoavana omena amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy.